Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

Vavaka Fiambenana Alatsinainy 24 Aogositra 2020

Mitarika: Pst Henintsoa Rasolonjatovo

Thème : Ny asa nataon'i Jesosy
Texte : Matio 7,28-8,17

Fiharabana Apostolika

FFPM226
Tompo ô! Mba te- hihaona,
Aminao ny olonao,
Ka Ny oran-dohataona,
Ampombay ny teninao;
Ny Fanahinao iraho,
Aminay izay mitalaho
:,: Mba vokiso zava-tsoa
Ny mangetaheta Anao :,:

Vavaka fihaonana sy fiaiken-keloka

FFPM209/1(feony FFPM 205)
1. Jesosy tena kiady
Sy reharehanay
Namoha vavahady
Ny tanindrazanay;
Nampiditra ny teny
Hampahalala anay
Ny Ray ny fahendreny
Mba hianaranay

Fampidirana

FFPM209/5
5. Jesosy soa malala !
Tsy foinay Hianao
Ny fonay dia handala

‘Ty lova taminao
Fanahy ravoravo
Noho ny teninao
Ry Zanaky ny Avo,
Izao misaotra Anao

Vakiteny 1 : Matio 7,28-29

Fanazavana fohy

FFPM469/1
1. Jeso ô, Mpitia anay !
Maminay ny teninao,
Osa ny fanahinay,
Fa mahery Hianao :

Fiv : Mamy, ry Jeso ! (in-3)
Ny fitiavanao.

Vavaka isan-tokantrano
- Misaotra an’Andriamanitra amin’ny fahafahana mihaino ny Teniny.
- Mangataka haharitra amin’ny fampianarana.
- Mba ho mpihaino mpankato

Vavaka ataon’ny Mpitandrina

Vakiteny 2 : Matio 8,1-4

Fanazavana fohy

FFPM469/2
2. Jeso ô, Mpitia anay !
Mahadio Hianao ;
Ka ny halotoanay,
Aoka ho voasasanao :
Mamy ry Jeso !, sns…

Vavaka isan-takantrano
- Mba ho diovin’Andriamanitra ho afaka amin’ny tsy fahamarinana rehetra.
- Mivavaka ho an’ireo voahilikiliky ny fiaraha-monina.
- Mivavaka ho an’ireo namoy havan-tiana.

Vavaka ataon’ny Mpitandrina

Vakiteny 3 : Matio 8,5-13

Fanazavana fohy

FFPM469/3
3. Jeso ô, Mpitia anay !
Tompon'aina Hianao ;
Maro ny aretinay,
Nefa samy afakao :
Mamy ry Jeso !, sns…

Vavaka isan-tokantrano
- Mangataka mba omen'Andriamanitra fom-panetren-tena.
- Mivavaka ho an'ny asa fitoriana filazantsara.
- Mivavaka ho an'ny Mpitandrina rehetra.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 4 : Matio 8,14-17

Fanazavana fohy

FFPM469/4
4. Jeso ô, Mpitia anay !
Aoka hotarihinao ;
Aza mba mandao anay,
Mandra-pahafatinay :
Mamy ry Jeso !, sns…

Vavaka isan-tokantrano
- Mangataka fankaherezana avy amin'ny Tompo ho an'ireo mandalo ady sarotra.
- Mivavaka ho an'ireo tsy manan-kialofana sy tsy misy taratasy.
- Mivavaka ho an'ny fiangonantsika.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

FFPM642/1,2
1. Hitako izao, sakaiza!
Jeso no Mpanavotra;
Tsy mba lany ny fitia,
Jeso no Mpanavotra;
Na dia saiky lasa aza,
Ka ny olona mandao,
Izao no mampiadana ahy,
Jeso no Mpanavotra.

2. Raha miady mafy aho,
Jeso no Mpanavotra;
Toky sy Ampinga Izy,
Jeso no Mpanavotra;
Manome ny soa Izy,
Fa ny rany mahadio
No mahafa-keloka ahy,
Jeso no Mpanavotra.

Fehiny :

Isaia 35,5-6 ; 1 Petera 2,24-25
« Lazao amin' izay reraka am-po: Mahereza, aza matahotra, indro, Andriamanitrareo ho avy mitondra famaliana, dia ny famalian' Andriamanitra, eny, Izy tokoa no ho avy ka hamonjy anareo. Dia hampahiratina ny mason' ny jamba, ary hampahaladina ny sofin' ny marenina. Dia hitsambikina tahaka ny diera ny mandringa, ary hihoby ny lelan' ny moana; Fa hiboiboika any an-efitra ny rano, ary hisy renirano any amin' ny tany karankaina.
Ary Izy nitondra ny fahotantsika tamin' ny tenany teo ambonin' ny hazo, mba ho faty ny amin' ny ota isika, fa ho velona ny amin' ny fahamarinana; ary "ny dian-kapoka taminy no nahasitranana anareo".Fa efa nania toy ny ondry hianareo, nefa ankehitriny dia efa niverina ho amin' ny Mpiandry sy Mpitandrina ny fanahinareo.»

FFPM642/3,4
3. He ilaozako ny eto,
Jeso no Mpanavotra;
Indro lanitra no azo,
Jeso no Mpanavotra;
Izy no Mpamonjy ahy,
Aina sy fanilo koa,
Fahendrena mahasoa,
Jeso no Mpanavotra.

4. Ray ô! Hianao deraiko,
Jeso no Mpanavotra;
Hianao naniraka Azy,
Jeso no Mpanavotra;
Hianao Mpiaro ahy,
Mpitahiry, Tokiko,
Ka deraiko lalandava,
Jeso no Mpanavotra.

Tsodrano
Ary ho an' izay maharo anareo mba tsy ho tafintohina, ary hametraka anareo tsy hanan-tsiny eo anoloan' ny voninahiny amin' ny firavoravoana, ho an' Andriamanitra tokana, Mpamonjy

antsika, amin’ ny alalan’ i Jesosy Kristy Tompontsika anie, ny voninahitra sy ny fahalehibiazana, ny fanjakana sy ny fahefana hatramin’ ny taloha indrindra sy ankehitriny ary mandrakizay. Amena.